Boriboritany faha-2 (CUA)

## Atao filamatra amin'ny fanamboarana lalankely 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 4 mey 2019 Laharana 906 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**I Korintiana 5: 7** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 133), Madagasikara 01 mey 2019

Kianjan'Ambohijatovo 2

# Hihaona amin'Antananarivo indray Ravalo

Fifidianana depiote 3

# 803 no hifandrombaka seza 151





TONONKIRAN'I BODO 3

## Fa Isika Mpandresy, isika tsy resy



Tontolo iainana 7

## Mbola misy ihany ireo mpamono varika

Boriboritany Voalohany 2

## Azon'ny vahoaka antoka ny kandidàn'ny TIM.K25 tarihan'i Me Hanitra

Boriboritany faha-3 (CUA) 5

## Misokatra ny fianarana zaitra ho an'ny vehivavy

**Daka kely**

Handika lalàna hanao propagandy zany zao ialahy ry Boaikely a !

Kandida Fetra, TIM.K25 Boriboritany faha-5 2

## Manaraka ny programa MANIFESTO tanteraka



Kianjan'Ambohijatovo

# Hihaona amin'Antananarivo indray Ravalo

Taorian'ny fifidianana filohan'ny Repoblika teo dia hihaona voalohany amin'ny vahoaka eto Antananarivo sy ny manodidina, ao amin'ny kianjan'Ambohijatovo indra ny filoha Marc Ravalomanana. Araka ny fandaharampotoana izay napetraka dia fitondrâna am-bavaka ireo kandida depiote TIM.K25 miisa 109 manerana an'i Madagasikara sy ny fampielezan-kevitra hanomboka ny alatsinainy 6 mey ho avy izao no hatao satria ny vavaka no manova zavatra. Ankoatra izay, hisy ny fitsofana rano hataon'ny filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara, Marc Ravalomanana ireo kandida nametrahany fitokisana hitondra ny fanevan'ny antoko TIM. Eo ihany koa ireo lahateny hifandimbiasana, efa nanambara ny filoha Marc Ravalomanana fa hiteny amin'izay momba ny raharaham-pirenena rehefa vita ny 100 andro, ka anisan'ny handrasan'ny maro koa ny lahateny hataony amin'io fotoana io. Iaraha-mahalala fa mitontongana ny toekaren'i Madagasikara ankehitriny, miha-mahantra ny vahoaka, nofinofy no be ataon'ny filoha Andry Rajoelina eto amin'ny firenena, ka heverina fa ho hasian'i Dada resaka avokoa izany rehetra izany.



**Helisoa**

Kandida Fetra, TIM.K25 Boriboritany faha-5

# Manaraka ny programa MANIFESTO tanteraka

Tsy ataon'ny kandida TIM.K25 boriboritany faha 5 Fetra Ralambozafivololona ho ambaninjavatra ny programan'asan'ny filoha Marc Ravalomanana, izay miompana betsaka ao anatin'ny Manifesto. Ao anatin'izany ny tokony hijerena ny lafiny sosialimbahoaka satria dia tena latsaka ao anaty fahantrana tanteraka ny vahoaka Malagasy. Raha ho an'ny kandida Fetra sy Naina TIM.K25 dia ny fijerena ny lafiny sosialy toy ny fitsaboana sy ny fanomezana tohana aratsakafo ho an'ireo ankizy sahirana ara-pivelomana no ataony laharampahamehana. Omaly dia tao amin'ny fokontany Ambatobe indray no nanohy ny asa fitsaboana sy fanomezana fanafody maimaimpoana ho an 'ireo mponina miisa 200 mahery ny kandida Fetra, ka nojereny manokana tamin'izany ireo sahirana ara-pivelomana. Izao no tanteraka hoy izy dia noho ny fiaraha-miasan'ny kandida Fetra Ralambozafivololona tamin'ireo dokotera mpitsabo izay ankasitrahany manokana. Vonona tanteraka ny kandidan'ny boriboritany faha-5 amin'ny fiatrehana ny fampielezan-kevitra hanomboka ny alatsinainy izao hoy Fetra. Ka ny hanombohana izany hoy izy dia fotoambavaka lehibe ao amin'ny sehatra maintso Analamahitsy ny alatsinainy izao, hitrotroana ambavaka ny kandida TIM.K25 boriborintany faha-5 sy ny mponina ao aminy, izany fotoam-bavaka izany dia ho tarihin'ny mpitandrina Dinah tonian'ny Dorkasy FJKM.



*Ireo olona tonga nitsabo tena, fiaraha-miasa tamin'ny kandidàn'ny TIM.K25 Boriboritany faha-5.*

**Helisoa**

Boriboritany Voalohany

# Efa azon'ny vahoaka antoka ny kandidàn'ny TIM.K25 tarihan'i Me Hanitra

Andavamamba-Anatihazo, Andavamamba-Anjezika ary Antetezana Afovoany indray no nampiantrano ny kandida TIM.K25, tarihan'i Me Hanitra Razafimanantsoa sy ny mpitandrina Randriamisata Roger ny alakamisy teo. Maro ny olana sedrain'ny mponina ety amin'ny faritra iva hoy ny kandida Me Hanitra Razafimanantsoa, fa ny tena manohina azy ireo dia ny tsy fananan'asa sy ny fahadiovan'ny tanàna, indrindra amin'ny fahavaratra. Hita fa velom-panantenana izy ireo raha nidina teny an-toerana ireo kandida TIM satria efa ananany porofo ny tolona natrehin'i Me Hanitra tamin'ny fotoampiasana voalohany, ka zary antoka ho azy ho an'ny ho avy. Nanamafy ny tokony hanarahamaso tsara dieny izao izay rehetra mahakasika io fifidianana io izy mba tsy hisy intsony fanodinkodinana ny safidin'ny olom-pirenena.



**Helisoa**

Kandidà Todisoa TIM.K25 Boriboritany faha-6

# Manana vaha olana ho an'ny olan'ny mponina ao Antsararay



*Ny kandidà Todisoa, teny Tsararay Ambohimanarina.*

Mitohy hatrany ny fitsidihana ny eny ifotony ataon'ny kandidàn'ny TIM.K25 ao amin'ny Boriboritany faha-6 Todisoa Andriamampandry, omaly ny fokontany Tsararay no notsidihany tamin'izany. Nambaran'ireo mponina teny antoerana, fa sambany no mba misy ray amandreny mitsidika sy mijery ny manahirana anay hoy ireo mponina. Efa hitako ny manahirana anareo izao mandalo aho io, fa efa ela no manana vahaolana ny tenako izay fantatrareo fa ao ilay MANIFESTO iny, hoy ny kandidà Todisoa nandritra izany. Mamaha olana ny Manifesto hoy izy, nomarihina fa mbola tsy fotoanan'ny propagandy izao fa mbola fisehoana hampahafantarana anareo hoy izy, fa kandida TIM6ème Number One na laharana voalohany aho.

**Isambilo**

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

# Karama be tsy andraofana

Mahavita inona moa ilay karama farany ambany lasa 2 hetsy ariary ? Fanontaniana mipetraka eny am-bavan'ny mpiasa maro miasa amin'ny miankina, na tsy miankina amin'ny fanjakana izany. Ny antony dia satria tsy hain'ity fitondrana ity na tsy fantany mihitsy fa hampiakatra ny vidim-piainana izy io satria tsy maintsy hanondrotra ny vidin-javatra ilaina andavanandro ireo mpivarotra isan-karazany. Maro ny miasa tena sy mitady izay harapany ary tsy maintsy hametraka vidin'entana mifanaraka amin'ilay fisondrotan-karama. Tsy voalaza mihitsy mantsy ny fenitra hampifandanja ny tolotra sy ny tinady, fa ny fantatra fotsiny dia ny hoe : nanondrotra karama, hono, ny filoha Andry Rajoelina. Be am-panononana ilay izy fa raha tena jerena amin'ny saina tsy miangatra dia tsy hampiova ny fianam-bahoaka velively. Mbola hilentika any anaty hantsana indray Ramalagasy rehefa tsy mahafehy ny antsoina amin'ny teny vahiny hoe « Inflation » ny fanjakana. Hiakatra manaraka io fisondrotan-karama kely io ny vidimbary, fanafody, ireo kojakoja ilaina ao an-tokantrano, ny saram-pianarana, ny fitaterana, sns... Tamin'ny fotoanan'ny Repoblika faharoa sy tamin'ny fitondran'ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana dia nampiasaina ireo « Inspecteurs du Commerce », mijery izay mpivarotra na mpandraharaha mampiakatra vidin'entana tsy amin'ny tokony ho izy. Ankehitriny, maro amin'izy ireo no efa nisy lasa nisotro ronono, nodimandry ary nisy voaroaka mihitsy aza. Io sehatra io anefa no manaramaso ny mpivarotra nanerana ny Nosy. Matoa tsy ampiasain'ny fitondrana Rajoelina io ankehitriny dia ao raha. Izany no mampieritreritra ny mpiasa amin'izao fotoana izao rehefa hiakatra avo 2 na 3 na 4 heny mihitsy, mihoatra ilay karama be tsy andraofana, ny vidim-piainana atsy ho atsy. Manaraka izay, tsy mazava tsara raha hiakatra mitovy amin'io koa ny karaman'ireo mpiasa antonontonony sy ireo manana mari-karama ambony. Raha izay mantsy no hitranga dia ny teo ihany no teo. Ikotozafy ihany no Lexis. Mijanona eo foana ilay elanelana misy eo amin'ny samy mpiasa. Tsy mitombona mihitsy araka izany ilay hoe mitsinjo ireo vahoaka sahirana sy kely karama ny fitondrana tarihan'ny filoha Rajoelina. Ireo Syndicats maro isan-karazany dia efa nampiaka-peo sady nanamafy fa tokony mihoatra ny 3 hetsy ariary mahery ny karama farany ambany raha miohatra amin'ny vidim-piainana ankehitriny ary tsy hijanona izany fitakiana izany, ankoatra ny zon'ny mpiasa tokony ho azo, tsy notanterahan'ity fitondrana ity.

**Rajaonarimpanontsana**

## TONONKALO

# Indrisy re ry nofinofiko !

Indrisy fa tsy fidiny ahy ny tsy nisian`ny fahombiazana !
Miezaka aho ny manonofy saingy izao ny fahavoazana !
Na ny alina matory na maraina na ny antoandro ,
Miezaka aho ny hanonofy saingy manta ny nahandro !

Indrisy fa tsy fidiny ahy ireo sakantsakana misesy !
Miezaka aho ny manonofy saingy hatreto aloha dia resy !
Mba noheveriko ho mora ny mitondra firenena,
Hay tsy vitam-pieboana na koa fandokafan-tena !

Indrisy fa tsy fidiny ahy ny zava-misy ankehitriny !
Tsisy to ny nofinofiko ny amin`"iny lalana iny" !
Fantatro fa lalam-poza nefa kosa dia nandramako.
Hay dia tena "revin-gadra" ny ahy sy ny an`iretsy namako.

Indrisy , indrisy , indrisy , indrisy , trotraka aho ka dia indrisy !
`Zay noheveriko hitodiana , nofinofy ka tsy hisy !
Injao fa toa mangidihidy , mangorintsina ny sofiko,
F`efa atao firesaka aho , dia `zaho sy ilay mba nofinofiko !

***DADAN`i ZINA (01-05-19)***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fifidianana depiote : 803 no hifandrombaka ny seza 151

Vitsy ireo nanao fampielezankevitra mialohan'ny fotoana noho ny enti-manana, angamba. Hanomboka amin'ny alatsinainy 6 mey ho avy izao ny fampielezankevitra, ka efa samy maka bahana avokoa, angamba, ireo kandidà miisa 803 manerana ny distrika 119. Raha tsiahivina ny momba ny fampielezankevitra mialohan'ny fotoana dia azo lazaina fa vitsy dia vitsy ireo nanatanteraka izany ary nisy ny nihoapefy, indrindra fa ireo kandidàn'ny antoko eo amin'ny fitondrana amin'izao fotoana izao. Niarahanahatadidy ohatra ny tranga tany Toamasina izay tetikasam-panjakana no nentin'ny kandidàn'ny antoko eo amin'ny fitondrana no niseho nanokatra izany ary notronin'ireo tomponandraiki-panjakana any an-toerana izy tamin'izany. Nahabe resaka tokoa iny toe-javatra iny saingy tsy manana fahefana hanenjika araka ny lalàna ireny kandidà mihoa-pefy ireny, hono, ny Vaomiera mahaleotena miandraikitra ny fifidianana (CENI) satria manjavozavo ny lalàna mifehy ny fampielezankevitra. Misy koa ireo efa manaparitaka ny sariny kanefa tsy mbola nipetraka akory ireo tabilao natao ho amin'izany. Ireo antoko roa azo lazaina fa lehibe ihany hatramin'izao no nanambara ny isan'ny kandidà nirotsaka amin'ny anaran'ny antokony. Ny vovonan'ny miaraka amin-dRajoelia Andry moa, araka ny filazany, dia maharakotra ireo distrika 119. Ny Tiako i Madagasikara (TIM) kosa dia kandidà miisa 109 no hananany. Samy hanao izay tratry ny ainy ireto antoko roa ireto hanana depiote maro an'isa ao amin'ny Antenimieram-pirenena ao. Ny miaraka amin-dRajoelina Andry dia azo lazaina fa diso fanantenana ihany satria raha neken'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny nanaovana fanitsiana ny Lalàmpanorenana dia nanana tombony kokoa izy ireo eo amin'ny fampielezankevitra satria tsy maintsy nataon'ny fitondrana ny fanendrena ny governora hametraka ny tetika politika rehetra hampandaniana ny kandidàn'ny antokon'ny eo amin'ny fitondrana. Nandiso ny paikadin-dRajoelina Andry iny fanapahan-kevitry ny HCC iny. Hita taratra mantsy fa tsy afa-nihetsika (paralysés) ny kandidàny rehefa voakiana mafy tamin'ilay raharaha tany Toamasina iny. Novohizina mafy ny fitsinjaram-pahefana kanefa mifanohitra amin'izany ny fanendrena governora ho lehiben'ny Faritra. Ny antoko TIM kosa dia ny filoha mpanorina mihitsy no nitety faritra nanolotra tamin'ny fomba ofisialy ny kandidà solombavambahoka natolotry ny antokony. Tonga eo amin'ny dingana "roa maka bahana" izany ny TIM, ka raha kandidà mamy hoditra, tsy mitarika kaserôla, any amin'ny distrika misy azy any avy izy ireo dia "telo dia lasa izany". Raha mahazo seza maro an'isa ny TIM dia hisy tokoa ny fifandanja-kery eo amin'ny fahefana mpanatanteraka sy ny fahefana mpanao lalàna satria tsy hisy intsony ny fampiasàna malety sy ny fampanjakana ny fitiavan-tena izay mifanohitra amin'ny fitiavana ny vahoaka sy fikatsahana ny fampandrosoana ny distrika nihaviana. Hipetraka amin'izay koa ny satan'ny mpanohitra, ka tsy ho afaka hanao izay danin'ny kibony intsony ny fahefana mpanatanteraka. Betsaka noho ireo kandidàn'antoko ireo kandidà mirotsaka amin'ny anaran'ny tenany, na mahaleotena izay azo hinoana fa raha hahazo toerana ao amin'ny Antenimieram-pirenena dia tsy ho sarotra aminy ny hiantsampy amin'izay antoko manana ny maro an'isa. Hanolotra sy hitondra am-bavaka ireo kandidà natolony, eo amin'ny Kianjan'Ambohijatovo, ny antoko TIM anio ka azo lazaina fa tsy mbola nisy nanao toy izany teto amin'ity Firenena ity hatramin'izay ary tsy ho diso fanantenana toy ny tamin'ny fifidianana filoham-pirenena intsony ny mpifidy, ka hijoro hiaro ny safidiny amin'ny fomba hentitra raha mbola hisy sahy hanodinkodina izany.

**Andry Tsiavalona**

FAHALALAHAN'NY ASA FANAOVAN-GAZETY

# Hetsika maro no nanamarihana ny andro maneran-tany



*Ny fanamarihana ny andro manderan-tany ho amin'ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety tetsy Analakely.*

Hetsika maro no nanamarihana ny andro maneran-tany ho an'ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety omaly 3 mey. Anisan'izany ny tetsy amin'nyTsangambato faha130 taona nisian'ny gazety voalohany teto Madagasikara, eo Analakely. Samy nitondra ireo hetahetany momba ny asa fanaovan-gazety avokoa ireo tonga nanatrika teny, ka anisan'izany ny famelana malalaka ny mpanao gazety hanao ny asany, ny fanalalahana ny fanehoan-kevitra sy ny fanomezana fahefana feno ny Holafitry ny mpanao gazety (OJM). Nitarika ny fotoana ny filoha lefitry ny Holafitry ny mpanao gazety avy eto Antananarivo Didi Ratsimbazafy, natrehan'ny solontenan'ny mpanao gazety zoky olona Solo Norbert Randriamorasata ary ireo mpanao gazety am-perin'asa, ny mpaka sary ary ny mpianatra ho mpanao gazety avy amin'ny Oniversite. Nitohy teny amin'ny Tranombokimpirenena Ampefiloha tamin'ny alalan'ny fampirantiana mikasika ny asa fanaovan-gazety teto Madagasikara ny fanamarihana ity andro ity, izay niarahana tamin'ny Masoivohom-baovao Anta ary nifarana tamin'ny fety izay natao teny Ampefiloha ihany omaly hariva. Mahakasika izay fanamarihana izay, nisokatra tamin'ny mpana gazety rehetra ny Radio Madagasikara sy ny Televiziona Malagasy omaly tontolon'ny andro, niatrika famelabelarana narahina ady hevitra samihafa momba ny fahalalahan'nhy asa fanaovan-gazety. Loha-hevitra nanamarihana ny andro maneran-tany omaly teto amintsika ny hoe:" ny fanatevenan'ny fanjakana ny andraikiny ho amin'ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety". Raha ho an'ny ministera manokana izay tantanin'i Lalatiana Rakotondrazafy aloha dia azo lazaina fa tsy dia misy loatra ny ezaka ataon'ny ho amin'izany, mpiasan' ny RNM sy ny TVM miisa 16 aza noroahiny. Mbola tantara mitohy io satria efa nitory eny amin' ny Filan-kevi-panjakana ny sendikan'ny mpiasan'ny RNM sy ny TVM ho fiarovana ireo mpiasa noroahina ireo.

**Isambilo**

## NY TENY FIAINANA

*Isaia 32:17*

*Ny asan'ny fahamarinana ho fiadanana; ary ny vokatry ny fahamarinana dia ho fiadanana sy fahatokiana mandrakizay."*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Fa Isika Mpandresy, isika tsy resy



**Rija Tours :** mlay e! handresy isika amin'ny fifidianana deputé.

**Ranky Nouna :** mila olona matotra ny firenena, mendrika ny hisolo vava ny vahoaka i Bodo, tohanatsika izy.

**Raketaka Rahaingo Raketamanga :** tsara bé ilay, tononkira, ilay hira koa tsara toy izany.

**Tovo Tsitampena Blandin :** aza atao be carry lotra le pate ee!

**Andrianina Juan Rio :** marina be. Tsara be… ny foza d foza ihany… manakiana nef n ataony ts itany akory…

**Lendr Lendr :** zao ve no mba hira. Tsy mankaiza ty politika gasy e!

**Marie Dinvan :** mahay ianao Bodo a!

**Vo Andriamananjezika :** alefa Bodo oooo mirary soa foana eeee!

**Misa Fotsiny Wa :** okay… zah manohana anw eee! fa le hira ku alou tena Top eee!!

**Toukki Storm Alall :** za ndray alou mahita oe mendrika azy ny ho solombavambahoaka satria ny kanto nozarainy nandritry ny 30 taona ita oe mifono anatra ny ankamaroany… tsy mtenitany foana anaty tononkira miits izy.. ary nananatra izy tao anaty ny hafatra nampitainy.. merci Bodo. Mendrika enao…. mrary soa anao ee !

**Famenosoa Randria :** raha ny laza maha mpihira sy ny fampisehoana dia manana betsaka enao BODO fa ny fanampiana sy asa soa ho an'ny vahoaka eto @ IIIe arrondissement kosa dia tsy nanao na 1 aza fa maninona 30 taona aty aoriana vao hilaza fa namako enao. Tsory ny marina hoe mitady seza hiarovana ny tombotsoan'ny R8 fa tsy hisolo vava anay vahoaka velively akory.

**Pasckyhen Rasoanaivo :** zany ka mendrika ho député , bonne chance Bodo a !

### MPANDRESY ( Bodo)

1. Mifohaza ry namako ô
Nianao ve ny lalako
Aza matoritory fa efa antsika lé tour
Tsy azo anio azo ampitso
Ka na nisy haizimpito
Efa io ilay anjaranao
Mitondra hazavana ho anao

Fiv.
Ny mpanakiana avelao hikafàra
Ny mpanenjika toujours afara
Miandry anao Gasikara, ndao hanova tantara é
Raha ianao no tsy mandray anjara
Dia ho very ny dimby sy fara
Ndao fa tsisy vakansy é
Ndao ho asiana balance é
Fa isika mpandresy, fa isika tsy resy
Vao aller izay no vita, ny retour ho azontsika
Fa isika mpandresy, fa isika tsy resy
Aza kivy ry havako ô, mbola hivaly ny vavaka ô
Yee ee yee ee Tiko tiko i Madagasikara (in-2)

2. Ny fahantrana efa hitako
Gidragidra efa niainako
Inty zaho mba ho namanao,
Ny marary anao, marary anah
Fa ny toky dia fitaka, tsy hoe haitraitra sanatria
Matoa aho tapa-kevitra handeha hisolo-vava anao

**BODO (Martsa 2019)**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fitsidihana nataon'ny kandidan'ny TIM K25, Hanitra Razafimanantsoa teny Andavamamba Anjezika ary Antetezana Afovoany.










Ny fitsaboana maimaimpoana nokarakarain'ny kandida TIM K25, Fetra teny Ambatobe.









## I Korintiana 5: 7

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 133), Madagasikara 01 mey 2019

***I Korintiana 5: 7 "Esory ny masirasira ela, mba ho vongana vaovao hianareo, araka izay tsy maha-misy masirasira anareo. Fa voavono Kristy, Paska ho antsika."***

Mbola IZAHO JEHOVAH ihany no manohy manazava ny Paska. Tamin'ny farany teo AHO dia nanazava ny niarahan'i JESOSY sy ny mpianany nihinana ny Paska. Ary indro indray ary ny tohiny. ***Marka 14: 25,*** Lazaiko aminareo marina tokoa tsy mba hisotro ny vokatry ny voaloboka intsony Aho mandra-pihavin'ny andro hisotroako izay vaovao any amin'ny Fanjakako JEHOVAH. Jesosy tsy ho hita intsony mandra-pahatongan'ny fotoana hahavory ny olona rehetra ho tonga vaovao ao amin'ny Fanjakany ka ao indray IZY no miaraka amin'ny olona, rehefa tonga ao IZY dia mbola hisy ve ny Paska? Tsy misy intsony, IZY anie ilay nandrasana e, IZY ilay efa tonga, tsy misy andrasana intsony fa IZY ilay efa tonga, tahaka ny niampitan'ny zanak'Israely, tahaka ny nahatongavana tao amin'ny tany Kanana. Izay ilay teny nifanomezana, izay ilay Teny Fikasana. Dia eto koa izany ilay Teny Fikasana, ilay Paska efa tsy misy intsony ka io no tokony tsy handehandehanan'ny olona amin'ny zavatra hafa intsony fa mba hahafantarany hoe rehefa tonga IZY dia miara-miaina AMINY arivo taona indray ny olona. Tadidio izany, fa tsy misy hoe any indray AHO vao hisotro miaraka amin'ireo vaovao, tsy misy Paska intsony fa efa tonga IZY. Dia ahoana indray ny Paska amin'io fotoanan'i Jesosy io? Tsy misy intsony. Efa tonga anie ilay nandrasana e! Tahaka ny fanontanian'i JAONA, lanao va hoy izy ilay nandrasana satria efa nampahafantarina an'i JAONA tamin'izany fotoana izany fa ho avy ilay ao aorianao. Dia gaga izy hoe efa ity ve ilay izy sa mbola tsy ity, dia lasa izy nanontany : lanao ve ilay andrasana? Io Fifohazam-panahy io izao ilay andrasana, handeha ho any amin'io ny olona, ao no miara-mihinana, miaramisotro ao satria ny FANDRAISANA NY FANASAN'I JESOSY dia FIHAZONANA aloha. Mihazona ilay Teny Fikasana, miomana ho any amin'ilay FAHATANTERAHANA. Niomana anie ny Zanak'Israely e! Ho any amin'ilay fahatanterahan'ilay teny hoe hivoaka. Izay no atao hoe Paska. Mampalahelo fa tsy fantatry ny olona ny dikany. Ka ianao raha mandeha Paska dia miomana ho any amin'ny Teny Fikasana, ho any amin'ilay FAMPIVONDRONANA, ho any amin'ilay FANJAKANA. Hiomana hiditra ao amin'ny FANJAKANA, fa raha tsy misy ny Fifohazam-panahy dia tsy hisy olona ho tafiditra ao izany. Iza no hanaiky izany? Ny amin'izao fiainanareo izao anie mbola misy tsangan-tanana e, mbola misy fifidianana e, ianao ve hanao? Ianao ve handeha? **Fa amin'ity tsy misy an'izany fa midira, midira haingana daholo ao amin'io Fifohazam-panahy io**. Tsy misy mahalala ny fotoanan'io anie, tsy misy mahalala maharitra andro firy izy io? Maharitra fotoana manao ahoana? firy taona izy io no iomanana amin'io? Tsy misy mahalala. Fa dia izao, tonga fotsiny io dia ataovy ampidiro aloha ny ondry. Io izany ilay fiomanana amin'ny Paska izay nolalovan'ny zanak'olombelona rehetra. Ny Paska tao aorian'i JESOSY dia lavabe satria tsy mety miditra ao amin'ilay Fanjakana ny olona fa mbola mandeha aty sy ary. Dia inona no tsy maintsy hatao sisa? FIFOZAHAM-PANAHY

***Lioka 24: 44*** *"Dia hoy Izy taminy: Izao no teniko izay nolazaiko taminareo, fony mbola tao aminareo Aho, fa tsy maintsy ho tanteraka izay rehetra nanoratana Ahy teo amin'ny lalàn'i Mosesy sy ny mpaminany ary ny Salamo."*

**Fahapotehana ny hanjo an'izay rehetra tsy mampianatra ny fibebahana, famelan-keloka, famonjena, famindram-po. Tsy maintsy ambara amin'ny olona ny famindram-po.** Amin'izao aorian'ny Paska izao dia hisy zavatra maro eny amin'ny lanitra, mba miandrandra ny lanitra. Tamin'ny andron'ny zanak'Israely dia nisy zavatra maro teny amin'ny lanitra. ***II Korintiana 5: 10*** *"Fa isika rehetra dia samy tsy maintsy ho hita toetra miharihary eo amin'ny fitsaran'i Kristy, mba handraisan'ny olona rehetra izay zavatra nataon'ny tenany, dia araka izay nataony, na tsara na ratsy."* **Tokony ho fantatry ny olona rehetra fa TOETRA NO HITSARANA.** Aza miafina ao ambadiky ny teny, ny soratra ary ny asa vita. **IALAO MIHITSY NY TOETRA RATSY. TOETRA ry zanak'olombelona**, izay no antony nahatongavan'i JESOSY.

Ry mpamaky, **ny olona nandalo Paska** hoy AHO taminareo ary anaovako fanambarana **dia handeha hiomana ho any amin'ny ady. Izany hoe efa mpandresy sahady izany olona nandalo Paska izany. Ianao anie ka mpandresy amin'ny lafimpiainana rehetra** tahaka ny Zanak'Israely averiko foana ary tsy mankaleo mihitsy ny miteny hoe : rehefa nandresy ny zanak'Israely vao niampita, fa raha resy izy tsy afaka niala tao Egypta. Izany no marina. Hianareo koa efa nandresy sahady satria ny fotoana, ny taona, ny andro sy izay rehetra nandalo tamin'i JESOSY tamin'ny fotoan'andro izay ity taona diavinareo ity. Misy zavatra ngeza be mihitsy izay tsy ampoizin'ny olona ao aorian'ny Paska. Dia te hiteny foana AHO hoe niady anie ny zanak'Israely. Tsy nisy hoe andao hiampita fotsiny dia niampita fa ady izany. Fa izy kosa efa tsara omana tamin'ny lafiny rehetra. Fa izay tsy tsara omana dia tsy nety niampita. Izay saro-tahotra dia tsy sahy niampita. Izay nanaiky handevozina mandrakizay dia nijanona tao egypta. Ohatran'izay koa izao vanin'andronareo izao.

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## BORIBORITANY FAHA-2 (CUA)

# Atao filamatra amin'ny fanamboarana lalankely avy amin'ny vato tamin'ny sisin-dalana



*Fanamboarana lalankely teny Tsiadana Boriboritany faha-2.*

Taorian'ny fokontany maro ao amin'ny boriboritany faha-6 sy faha -5, anjaran'ny ao amin'ny boriboritany faha-2, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) indray no misitraka ny fanatsarana ireo lalan-kely ampiasain'ny be sy ny maro, izany dia ny etsy amin'ny fokontany Tsiadana. Lalan-kely mampitaraina ireo mpandeha an-tongotra sy ny fiara madinika no nasiam-panatsarana tamin'ireo vato tamin'ny sisin-dalana na trottoir, nesorina teny amin'ny arabe lalampirenena eto an-drenivohitra. Izao hetsika izao dia tafiditra amin'ny fampanantenana nataon'ny fiadidina ny Tanàn'Antananarivo, fa ireo vato nesorina teny amin'ny arabe dia anaovana foto-drafitrasa any anivon'ny fokontany isaky ny boriboritany avy. Naha afa-pahasahiranana ireo mponina izao asa ataon'ny tanànan' Antananarivo izao hoy ireo mponina teny antoerana. Raha ny fantatra dia hatao modely ity fanaovana lalankely notontosaina etsy Tsiadana ity, ka omena fiofanana manokana ireo tekinisianina eo anivon'ny boriboritany avy, amin'ny fanatanterahana ny asa.

***Aly***

## Boriboritany faha-6 (CUA)

# Mitohy ny fanaovana rarivato ireo lalankely

Mitohy hatrany ny fanamboarana lalankely any anaty fokontany eny anivon'ny boriboritany fahaenina, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Noezahana namboarina avokoa ireo lalankely tsy nisy mpikitika sy tsy nisy nanamboatra hatramin'izay. Ny vato azo avy teny amin' ny sisin-dalana tamin'ny lalampirenena teto andrenivohitra, no narafitra nahafahana nanamboatra izany. Afa-pahasahiranana araka izany ny mponina ary tena nahazo tombony tokoa, indrindra fa rehefa avy ny orana.

Ankoatr'izay, dia nanadio ny faritra misy ny "bac à ordures" teny amin'ny fokontany Ambodihady ny ekipa teknikan'ny boriboritany fahaenina ny herinandro lasa teo, nohon'ny fiparitahan'ny fako teny amin'iny toerana iny. Marihina fa tonga maka fako eo ihany ny SMVA, fa mbola betsaka ny fako miparitaka tafajanona eo ivelan'ny dabam-pako. Izany dia miteraka fofona maimbo sy loto ary miteraka aretina ho an' ny mponina. Tsy niandry ela ny ekipa mpanadion'ny boriboritany fa nandray avy hatrany ny andraikiny manoloana izany; nanala ary namerina ireo fako niparitaka, ka natao ao anaty dabam-pako iombonana.

***Serge***

## Boriboritany faha-3 (CUA)

# Misokatra ny fianarana zaitra ho an'ny vehivavy

Nisokatra omaly tao amin'ny Boriboritany faha-3, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny fianarana zaitra maimaimpoana andiany voalohany, ho an'ireo vehivavy renimpianakaviana ao amin'ny Boriboritany faha3, miisa 29 ireo vehivavy misitraka izany fampianarana izany. Izao no tanteraka dia noho ny fiaraha-miasa teo amin'ny CUA sy ny ONG Manasoa. Tsy ho tanteraka ny fianarana zaitra toy izao raha tsy misy ny fitaovana ho ampiasaina amin'izany. Arak'izany, nisy ny fanomezan'ny Fondation Ralambomanana izay tarihin'i Feno Ralambomanana fitaovana toy ny milina fanjairana sy fera fipasohana ho an'ireo vehivavy mpianatra zaitra. Izao indrindra hoy Feno Ralambomanana no ilaina fifanohanana sy fiarahana miasa satria izay no hampandroso ny firenena. Nisaotra ny Fondation Ralambomanana ny filohan'ny ONG Manasoa, Zo Raharifaramahaleo satria zava-dehibe hoy izy ny fanomezana fitaovana, na nampianatra zaitra aza izahay hoy izy tsy afaka manao inona raha tsy misy ny fitaovana. Tsy ho eto amin'ny Boriboritany faha3 fotsiny hoy izy no hisy izao fa hiitatra any amin'ny Boriborintany miisa 6 sy any amin'ny faritra hafa. Araka ny maha vehivavy ny Ben' ny Tanàna Lalao Ravalomanana dia ao anatin'ny vinany ny fijerena ireo renimpianakaviana sy ankizy sahirana. Izany no nahatonga ny kaominina Antananarivo Renivohitra miara-miasa amin'ny fikambanana maro toy ny ONG Manasoa sy ireo mpiaro ny zon'olombelona hoy ny fanambarâna nataon'ny delegen'ny boriborintany faha 3, Hery Razafintsalama.




*Ireo fitaovana nomen'ny Fondation Ralambomanana.*

***Helisoa***

KAOMISERAN'I MAEVATANÀNA TEO ALOHA

## Nohazomin'ny Fampanoavan'ny Tribonaly ambaratonga voalohany ao Mahajanga

Nohazonin'ny Fampanoavan'ny Tribonaly ambaratonga voalohany any Mahajanga, ny kaomiseran'ny polisy teo aloha tany Maevatanànana, nohon'ny resaka fandikan-dalàna maro natao'ity Kaomiseran'i Maevantanana teo aloha ity. Efa niantomboka teo anivon'ny Polisim-pirenena ny fanadihadihana anatiny sy ny famotorana ifotony mahakasika ny raharahan'ity Kaomisera ity. Vesatra maro no nanenjehana azy tao aorian'ireny trangana fakana an-keriny tany Ma-nerinerina sy Ambato-Boeny ireny : fikambanan-jiolahy, andrana famonoan'olona, halabola mitam-basy ary fihazonan'olona miaro fitakim-bola. Nanome avy hatrany ny alalana ahazoana manenjika (autorisation de poursuite) ity Kaomisera ity ny Ministry ny Filaminam-bahoaka ary natolotra ny fitsarana izy niaraka amin'ny antotan-taratsy fanenjehina azy, ny faha-02 mey 2019, ary izao izy nohazonina vonjimaika anyam-ponja izao miandry ny fotoampitsarana azy. Efa nisy olona maro hafa no naiditra am-ponja talohan' izao noho ireo raharaha voalaza eo ambony ireo ary misy mpitandro filaminana ihany koa amin' izy ireo.



*Ny tanànan'i Maevatanàna.*

**Ny Valosoa**

Asa sy asam-panjakana

## Fampiakarana karama farany ambany : hisy sokajin'olona ho sahirana

Mbola mahabe resaka ny maro ny fampiakarana ny karama farany ambany eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Efa faly ambony ihany ireo mpiasa izay voakasik'izany, indrindra any amin'ireo orinasa sy vondrona orinasa niresaka tamin'ny filohan'ny Repoblika tamin'ity herinandro ity. Ny tsapa sy hita anefa dia misy mpiasa toa tsy mahatsiaro ho ao anatin'izany, ary tena misy izany eto. Ahoana ny amin'ireo izay ivelan'ny voakasik'io fampiakarana ny karama farany ambany io ? Iaraha-mahalala, fa rehefa miakatra ny karama eto Madagasikara, dia misy fiantraikany any amin'ny vidim-piainana izany na tiana na tsy tiana. Hisondrotra ireo vidin-javatra fanjifa andavanandro na Ppn, ary ny efa niakatra tsy hidina intsony mihitsy toy ny vidin'ny arina na saribao fandrehitra fandrahoan-kanina, ohatra. Ireo sokajina mpiasa tsy voakasiky ny fampiakarana karama ireto anefa dia tsy maintsy miatrika izany. Izany hoe, hitombo bebe kokoa ny fahasahiranan'ireo olona ireo sy ny ankohonany. Hitontongana ny fanpiainany. Inona no fepetra setrin'izany mahazo azy ireo izany àry ? Inona no vahaolana hatolotry ny fitondrana Rajoelina, sa avela aloha ho any ireo ? Sanatria ve hisy sokajin'olo-mahantra vaovao hipoitra indray na koa efa mahantra sy sahirana fa vao mainka hilentika bebe kokoa? Ny mpitondra mahay mitantana firenena dia manana fahaizana mijery izany mialoha sy mandritra ny fampiharana izao fepetra izao.

**Radafy**

Toekarena

## Nihen-danja ny vola Malagasy : ariary

Vola Malagasy somary nihen-danja kely ny sandan'izany raha ampitahaina amin'ireo vola vahiny be mpampiasa dia ny dolara amerikana sy euro izany. Tamin'ny tapa-bolana lasa izay, ny 17 aprily 2019, dia 3 993.7 MGA ny 1Euro, raha 3 528.69 MGA (ariary) kosa ny 1$ USD. Ny fiandohan'ny volana mey kosa, 02 mey 2019, dia niakatra ny 1Euro, lasa 4 048.27 MGA, ary ny 1$ USD tsy maintsy novidiana 3 620.42 MGA, teo amin'ny tsenan'ny vola vahiny eo amin'ny samy banky na ny marché inter-bancaire de devises. Antsoina hoe mihen-danja ny vola rehefa mila maromaro kokoa hividianana vola vahiny hafa. Mahazo aina kosa ny vola rehefa kelikely mifanantona amin'ilay vola vahiny ny sandany hividianana, na hanakalozana azy. Izao no manaporofo fa mbola tsy tafarina ny toekarena Malagasy nopotehan'ny mpanongam-panjakana, notarihan'i Andry Rajoelina hatramin'ny taona 2009. Mbola mety hitontongana ihany aza izany satria tsy manana politika matotra amin'izay resaka toekarena sy fitantanam-bola izay ny fitondrana Rajoelina ankehitriny.



**Aly**

**SARIITATRA :** Tsy afaka i Zandry io fa mitsapatsapa fotsiny




Dihy sy vako-drazana

## Hifarana anio ny Arondihy etsy amin'ny AFT Andavamamba

Tanterahina etsy amin'ny AFT Andavamamba ny hetsika momba ny dihy sy ny vako-drazana, nampisalorana ny anarana hoe Arondihy, izay efa nanomboka ny 29 aprily lasa teo ary hifarana anio sabotsy. Andiany faha-8 ity Arondihy ity, fiaraha-miasan'ny AFT Andavamamba sy ny Lamako Event. Hamaranana izao hetsika ara-javakanto anio amin'ny 6 ora hariva etsy Andavamamba, ny fampisehoana dihy sy hira gasy miavaka. Haseho ao ireo dihy mampalaza ny faritra samihafa eto amin'ny Nosy. Handray anjara amin'izany ny tarika Sarandra Beloba, hampiseho ny dihy sy ny vako-drazana avy any amin'ny faritra Anôsy. Rakoto Frah Junior mpanao vako-drazana eto an-drenivohitra, Labibliotekroz&Cie hampiseho sora-dihy miavaka. Handray anjara amin'izany koa ny vondron'ireo mpandihy amin'ilay piesy antsoina hoe Tohy.

**Aly**



*Fampisehoana dihy tetsy amin'ny AFT Andavamamba.*

Lalaon-tsaina jeu de Go

## Anio Sabotsy ny famaranana amin'ny fiadiana ny ho tompon-dakan'i Madagasikara

Anio Sabotsy 04 Mey no tanterahina eny amin'ny La Rotonde Besarety ny lalao famaranana amin'ny fiadiana izay ho tompon-dakan'i Madagasikara 2019 amin'ny jeu de Go. Manomboka amin'ny 8 ora maraina ny lalao ka hatramin'ny 12 ora antoandro. Hisy ny fianarana « Orogami » (pliage japonais) amin'ny 1 ora ary amin'ny 2 ora tolakandro kosa ny fanolorana ny amboara sy medaly ary sertifikà. Misy sokajy 4 ny lalao izay ahitana ny sokajin'olon-dehibe mahay; sokajin'olon-dehibe antonony ny fahaizany ; sokajy ankizy mihoatra ny 10 taona ; ary sokajin'ny ankizy latsaky ny 9 taona. Ny Sabotsy 27 sy ny Alahady 28 Aprily lasa teo no natao ny lalao fifanintsanana, ka niisa 30 ireo mpandray anjara. Izao fifaninanana izao dia karakarain'ny Masoivohon'i Japon sy ny Association Go Madagascar, ary ny AAAJM (Association des Anciens et Amis de Japon à Madagascar). Eo ihany koa ny filoham-boninahitra ny Jeu de Go sady Ambasadaoron'i Madagasikara any Japon, Rakotomalala Mireille, miampy ny fiaraha-miasa amin'ny lisea Hibiscus Besarety nampiantrano ny lalao fifanintsanana. Ny fiadiana ny amboara eran-tany amin'ny lalao Jeu de Go dia hotanterahana any Japon amin'ny volana Jona ho avy izao. Ny lalao "Pair-Go", izay lalaon'olondroa lahy sy vavy miaraka dia hatao amin'ny taona 2020 any Japon ihany ary handray anjara amin'io ny Malagasy. Tsiahivina fa ny volana Martsa 1991 no nitsanganan'ny lalaon-tsaina Jeu de Go teto Madagasikara ary Razafindrabe Manitra no nanorina azy.

**Radafy**



# Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**27/04/19 hatramin'ny 05/05/19**

- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14
- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17
- **NANISANA** (Route de Nanisana) 020 22 520 29/032 03 520 29/ 034 05 750 29
- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 906-05-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TRANO FAHATONGAVANA SY FIAINGANA VAOVAO

## Mandroso ny asa ao amin'ny seranam-piaramanidin'Ivato

Mandroso ny asa amin'ny fanamboarana ny trano vaovao amin'ny fahatongavana sy fiaingana mankany ivelany, ao amin'ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Ivato. Nijery ny fandroson'ny asa teny an-toerana tamin'ity herinandro ity ny Filohan'ny Banky Iraisam-pirenena, David Malpass, izay nitsidika teto Madagasikara. Niara-dia taminy tamin'izany fitsidihana izany ny ministry ny fizahantany Joël Randriamandranto, ny ministry ny fitantanam-bola sy ny tetibola, Richard Randriamandranto ary ny filohan'ny filan-kevi-pitantanan'ny orinasa Air Madagascar. Izao asa atao izao hoy ny Filohan'ny Banky Iraisam-pirenena, David Malpass, dia maneho ny fahamatoran'ny fiaraha-miasa amin'ny fanjakana sy ny tsy miankina, izay tohanan' ny Banky Iraisam-pirenena. Ny orinasa Ravinala Airports no manao ny asa eny an-toerana, vola mitentina hatramin' ny 220 tapitrisa Euros no ilaina, amin'ny fanaovana izany trano vaovao fiaingana sy fahatongavana avy any ivelany eny Ivato izany.



*Ny filohan'ny Banky Iraisam-pirenena, nitsidika ny teny Ivato.*

***Aly***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao. Ny fitsarana dia tsy mankasitraka ary tena manameloka ny fitsaram-bahoaka . Nisy ny lehilahy telo jiolahy novonoin'ny vahoaka araka ny fampitam-baovao! Ny zava-misy anefa dia izao, ny jiolahy rehefa hanao ny asa ratsiny, tsy misangy fa tena mamono tokoa ary @ fomba feno habibiana! raha misy tratra izy ireo ka entina eny @ fitsarana dia tsy maharitra an-kerinandrony akory dia mivoaka ny fonja, ahitana an'izao karazandalàna rehetra izao hanafahana azy tao! aiza ary ilay zon'olombelona dradradradraina isan'andro e! vokany tsy matoky ny fitsarana intsony ny vahoaka satria fitsarana feno kolikoly! izany no antony iray voalohany tsy mahafoana ny asa jiolahy eto @tsika! izany angamba no nahatonga ny mpitandro filaminana sasany avy hatrany dia namono ary nanao toy izao famonoana jiolahy izao koa t@ fampandrian-tany nahazo iny faritra atsimo iny! @ko manokana ny fanaovana toy izao izay dahalo tratra no tena vahaolana mety sady tena mahomby indrindra! satria sady mihena ny vava homana no milamina koa ny tanàna! Raha mbola tsy hiova ny ao amin'ny fitsarana. Ankoatr'izay rediredy avokoa!

***Lonaky Clément***
***Ambovombe Androy***

Tontolo iainana

## Mbola misy ihany ireo mpamono varika

Mampalahelo ny zava-misy eo amin'ny sehatry ny tontolo iainana amin'izao fotoana izao eto amintsika, indrindra eo amin'ny sehatr'ireo biby tsy misy afa-tsy eto amintsika. Iharan'izany hatramin'izao ny varika na ny lémurien, mbola misy ny mihaza sy mamono azy ireny, nefa biby heverina ihany koa fa harem-pirenena eto Madagasikara. Na izany aza misy ny ezaka ataon'ny mpitandro filaminana msambotra ireny olona mamono sy mihaza varika ireny. Tokony ho saziana koa ireo olona mpividy ireny haza ireny, indrindra ireo toeram-pisakafoanana mahandro ireny varika ireny ho laoka. Raha ny karazam-barika, ananantsika eto Madagasikara betsaka izany, misy karazany 100 mahery izany eto amintsika, tsy manana ny toy izany ny firenena manerana izao tontolo izao.

***Aly***




*Mpamono sy mpihaza varika saron'ny zandary.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 279**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0278)


***Mitsivalana***
- Mamerina
- Ana – Al/a
- Nanonona
- Didio – Fa

(Miv)
- Ad(y) – Ony
- Halatra
- Mony (Miv) – Soa

***Mitsangana***
- Mandihy
- Anay – An
- Mandalo – Madio (Miv)

- Rano
- Ilo – Ora
- Nanao
- Afafy

TENY MIFANARAPAKA **N° 279**




**Mitsivalana**

**1.** Fisintahana (BR) **2.** Maneho fotoana (Miv) – Kosa **3.** Sampana samihafa **4.** Hita ao amin'ny sikidy – Nalefa eo aloha (Miv) **5.** Fahita lavitra – Solfa – Toy ny tantely **6.** Aomby sy jamoka – Foto-tongotra – Oroka **7.** Vimbininao **8.** Isaloranay **9.** Arakan y sitraponao – Orinasa fiantohana **10.** Mari-bola – Trano bongokely (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Analamanga sy Diana – Naoty **B.** Roa fahiny (Miv) – Marika (Miv) **D.** Fitaovan'ny mpantsaka – Kitapo nifonosana **E.** Faran-teny (Miv) – Vohitra **F.** Anaram-behivavy – Sahala **G.** Tanimboly (Miv) – Hita amin'ny lakana sy botry **H.** Notolorana **I.** Raha (Miv) – Eo @ fery (Miv) **J.** Kianteny – Loka **K.** Sondrotra (Miv) – Sahala (Miv)


### Valiny Teny mifanaraka 0278

***Mitsivalana***

1 Niteraka **2.** Aro - OO - Ovy **3.** Namoaka - OM **4.** (S)aka - Paraky **5.** Madio - Ila (Miv) **6.** Ialahy **7.** As - Vakatra **8.** Nao - Arabo (Miv) **9.** Rahariva **10.** Alamo - Afo

***Mitsangana***

**A.** Nanambana **B.** Iraka - Sava **D.** Tomady - Lio (Miv) **E.** Vay (Miv) - Ra **F.** Raopala - Ma (Miv) **G.** Aoka - Akaho **H.** Arahaba **I.** Ao - Alitara **J.** Voly - RR **K.** Diny - Naoto


Fanompoam-pivavahana lehibe
IARAHANA AMIN'NY
ANTOKO TIM-K25
HO FANOLORANA AMIN'NY FOMBA OFISIALY IREO KANDIDA AVY AMIN'NY ANTOKO TIM-K25
Ho avy ao ny filoha Marc Ravalomanana hitsodrano ireo kandida namatrehany ny safidy hitondra ny anaran'ny antoko ary hanatanteraka ny fanambin'ny antoko eny amin'ny antenimieram-pirenena.
Sabotsy
4 Mai
manomboka amin'ny 11 ora atoandro eny amin'ny Kianjan'Ambohijatovo
FA ISIKA MPANDRESY, FA ISIKA TSY RESY
« Fa raha mbola hisy koa ny farany, dia tsy ho foana ny fanantenanao».
Oha 23: 18.